LETISY

Karazana

- Avy amin'ny karazana "kwaï mi" sy "tai so":
- -Ramboutan (letchi sinoa misy volony)
- -longanier (letchi marokoroko)

1-/ ANKAPOBENY

1.1-/ Toe-tany

- Tany lonaka sy be roaka
- Tany maivana sy salama
- Mbola ilana fitondrana zezika betsaka

1.2-/ Toetr'andro

- Miala hafanana betsaka
- Ny rotsak'orana dia 1500mm mandritra ny taona

2-/ FAMBOLENA

2.1-/ Fanomanana ny tany:

- Fandavahana : jereo ny famaritana ankapobeany

2.2-/ Fanotorana:

- Asiana 2kg sulfate de potassium sy phosphate 5kg ary zezi-pahitra 30kg isam-pototra

2.3-/ Fomba fambolena

	Elanelana	Hakitroka
Maosy	10x10	100
Vita girefy	8x6	208
Vita girefy	8x8	156

2.4-/ Fiavana

- Fitondrana zezika
- Tondraka raha tsy ampy ny rano

2.5-/ Fandratsanana manome endrika:

- Hetezana ny tendrony rehefa mahatratra 80sm ny haavony mba hisian'ny taho efatra hatao andry
- Esorina ny sampana eo ambanin'izy io
- Esorina koa ny kintsetsitra raha ilaina
- Hitondrana zezi-pahitra 40kg isam-pototra aorian'ny fiotazana

3-/ VOKATRA

3.1-/ Fiotazana:

- 7 taona aorian'ny nambolena azy no miakatra ny vokatra voalohany
- mety aharitra zato taona ny fanomezana vokatra
- 3 na 4herinandro eo ho eo aminy tapaky ny Novambra – desambra any amin'ny morintsiraka, ary aorian'izany kosa ny eto anivon-tany
- Tsy mety ny mioty amin'ny andro mafana na misy orana
- Atao anaty kesika na sobika ny voankazo ary atao amin'ny aloka

3.2-/ Fitehirizana :

- Jereo ny famaritana ankapobeny

4-/ FIAROVANA

4.1-/ Lavenim-potsy na kifontsin-dravina

- Misy lavenina fotsifotsy ao ambanin'ny ravina
- Fanafody Karathan na Sofril

4.2-/ Lali-boankazo

- Olitra fotsy ao anaty voa sy lo ary mihintsana
- Angonina ny voa efa lo ary alevina 50sm ambanin'ny tany

4.3-/ Olim-panjehy sy anoano

- Mihinana sy mitsentsitra ny ravina
- Angonina dia vonoina ny bibikely

4.4-/ Hala menakely

- Hala mipetraka ao ambanin'ny ravina
- DICOFOL 10cc/10l